"Ary hoy Izy taminy : Be ny vokatra fa ny mpiasa no vitsy ; koa amin'izany mangataha amin'ny Tompon'ny vokatra mba hampandehanany mpiasa hamory ny vokatra" Lioka :10:2

Ry havana malala,

Ny volana septambra, fanombohan'ny taom-piangonana, dia atokan'ny fiangonana ho volan'ny fiantsoana, hitaomana ny kristiana hirotsaka lalindalina kokoa amin'ny asa fanompoana ao anatin'ny sahan'ny fiangonana :
- Katekomena,
- Mpiomana ho mpiandry,
- Diakona,
- Sampana samihafa : Sekoly Alahady, Tanora, Vehivavy, Lehilahy.

Hisy fanentanana sy fampahafantarana hataon'ny tompon'andraikitry ny sampana isaky ny alahady.


Fihirana 765

1 Henoy ny antson'ny Tompo ;
"Iza no ho irakay,
Vonon-kandeha sy hanompo,
Hiasa an-tany hay ?"
Adidy sarotra hefaina
Asa mangetana re,
Maty handritra ny aina,
Iza no vonona re ?

2 Tsy didy miendrika baiko
Nefa mahery tokoa ;
Nanindry mafy ny saiko
Ny antsonao, Tompo soa
Satriko lavina anefa
Manery ahy hanoa,
Any am-po no miantefa,
Ny ako, onjany koa.

3 Inty, ry Tompo malala
Izaho ho irakao,